Faits Divers

AmbohidratrimoTelo lahy tsy ampy taona nahafaty olonaFantatra ankehitriny fa tovolahy tsy ampy taona, miisa telo, manodidina ny 16, sy 17 taona no tompon’antoka tamin’ny famonoana ilay rangahy teny Ambohidratrimo ny harivan’ny talata lasa teo. Mba hangalarana ny moto nentiny no antony namonoan’izy telo lahy azy. Toy izao ny fisehon’ny tantara. Zafikelina mpisolovava ny iray amin’izy telo lahy ireto, ka nanakarama ny roa lahy ambiny mba hitady moto ho azy. Nataon’izy ireo ny vela-pandrika ka tamin’ny harivan’ny talata io, raha hamonjy fodiana fa avy nanao “versement” vidin’atody teny Ambohimanarina ity lehilahy ity dia nosakanan’izy ireo hazo, teo amin’ny fiolahana hiditra ny tranony ny lalana. Nianjera vokatr’izany ilay rangahy niaraka tamin’ny moto nentiny. Vao nidaboka tamin’ny tany nototofan’ireo tontakely tamin’ny vato ny lohany, ary notsindroniny hazo ny tendany. Vita izay dia nentin’izy ireo nandositra ny moto.
Taorian’ny fahitana ny razana dia nanao fikarohana ny zandary teny an-toerana, ka omaly no tratra ireo olona namono nahafaty ity rangahy teny Ambohidratrimo ity. Teo no nahafantarana ny marina rehetra mikasika ity raharaha ity. Fantatra fa ny iray amin’izy telo lahy no naniraka hampamono sy hanglatra ny moto, ary ny roa kosa no mpanatanteraka ny asa ratsy. Efa eo am-pelatanan’ny mpitandro filaminana izay telolahy amin’izao fotoana izao, ary tsy ho ela dia hatolotra ny Fitsarana.Aina R.Lire aussiAmpandrana : Vehivavy telo mpamaky trano
Betafo : Jiolahy mitam-basy 7 tratran’ny zandary
Sambava : Notapahina ny tongotr'ilay jiolahy
Lehilahy misoloky sady mandrahona ho faty